# Zavatra niainana tao amin'ny Tobin'i Isiraely

## Zavatra niainana #1

Ny Loholona George A. Smith (1817–75) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nitantara ireo toe-javatra sasany niainan'ireo izay tao amin'ny Tobin'i Isiraely nandritra ny dia nataon'izy ireo:




Niaritra ny havizanana rehetra nandritra ilay dia manontolo ny Mpaminany Joseph. Ankoatra ny fikarakarana mba hamatsy izay ilain'ilay Toby sy ny fiahiana izany dia nandeha an-tongotra izy ny ankamaroan'ny fotoana ary niaritra tongotra miempaka sy nandeha rà ary nanaintaina, izay vokatra voajanahary avy amin'ny fandehanana an-tongotra 40 ka hatramin'ny 60 kilaometatra isan'andro nandritra ny vanim-potoana nafana. Kanefa nandritra ilay dia manontolo dia tsy nahenoana fimonomononana na fitarainana mihitsy ny vavany, raha ny ankamaroan'ireo lehilahy tao amin'ny Toby kosa dia nitaraina taminy noho ny ratsan-tongotra marary, tongotra miempaka, dia lavitra loatra, vatsy tsizarizary, mofo ratsy kalitao, mofo katsaka ratsy, dibera nivadika, tantely mahery loatra, hena sy frômazy feno olitra, sns. . . . Kanefa Tobin'i Ziona izahay ary ny ankamaroanay dia tsy nivavaka, tsy nieritreritra, tsy niraharaha, tsy ampy fifantohana, adaladala na devoly toetra, kanefa tsy fantatray izany. Tsy maintsy niaritra niaraka taminay i Joseph ary nampianatra anay tahaka ny ankizy. Maro anefa ireo tao amin'ilay Toby no tsy nimenomenana mihitsy fa vonona foana ny hanao araka ny nirin'ireo mpitarika. (George A. Smith, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 287–88)

- Nahoana araka ny eritreritrao no samy hafa ny fomba fihetsik'ireo mpikambana tao amin'ilay toby tao anatin'ny toe-javatra niainana mitovy ihany?
- Inona no afaka manampy antsika hanana toe-tsaina mihevitra zavatra tsara hatrany rehefa miaina zava-tsarotra isika eo am-piezahantsika manaraka ny Mpamonjy?

## Zavatra niainana #2

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 103:20 sy ity teny nambara manaraka nolazain'ny Filoha Heber C. Kimball (1801–68) tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity:



Na dia nandefa fampitahorana hanao herisetra hatrany aza ireo fahavalonay dia tsy natahotra izahay, na koa nisalasala tamin'ny fanohizana ny dianay, satria niaraka taminay Andriamanitra, ary nandeha teo anoloanay ireo anjeliny, ary tsy nihozongozona ny finoan'ilay vondrona kelinay. Fantatray fa anjely no namana niaraka taminay satria hitanay izy ireo. (Heber C. Kimball, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 288–89)

- Inona araka ny eritreritrao no mety ho fiantraikan'io fitahiana io taminao raha toa ka isan'ny tao amin'ny Tobin'i Isiraely ianao?
- Inona avy ireo fomba sasantsasany anampian'ny Tompo ireo mpanara-dia Azy hanao zava-tsarotra amin'izao fotoana izao?

## Zavatra niainana #3

Rehefa nandeha iray andro monja ny Tobin'i Isiraely avy tao amin'ny Fivondronan'i Jackson dia nisy lehilahy dimy nitondra fitaovam-piadiana nanatona azy ireo. Nirehareha ireo lehilahy fa nisy lehilahy telonjato mahery hafa no efa an-dalana hanafika ny toby. Rehefa nifanakalo hevitra momba ny zavatra tokony hatao ireo mpikambana tao amin'ilay toby dia nilaza ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Mitonia dia jereo ny famonjen' Andriamanitra."

Roapolo minitra taorian'izay, dia nisy oram-baratra lehibe nivatravatra nanerana ny toby. Nampiakatra be ny ranon'ny renirano iray teo akaiky teo ilay oram-baratra ka nanakana ny fahavalon'izy ireo tsy hiampita sy hanafika. Mpikambana maro tao amin'ny Tobin'i Isiraely no nahazo fialofana tao amin'ny fiangonana kely iray teo akaiky teo. Fotoana fohy taorian'izay, dia niditra tao amin'ny fiangonana i Joseph Smith izay kotsan'ny orana ary nihiaka hoe: "Ao anatin'ity oram-baratra ity Andriamanitra!"

Ny maraina taorian'ilay oram-baratra dia hitan'ireo mpikambana tao amin'ilay toby fa kotsa sy niparitaka ny tranolainy sy ny kojakojany, saingy tsy nisy lehilahy nanafika (notsongaina sy nofintinina avy tao amin'ny *Saints: The Story of the Church of Jesus Christ in the Latter Days*, vol. 1, *The Standard of Truth, 1815–1846* [2018], 203–04).

- Raha toa ianao ka isan'ny Tobin'i Isiraely dia inona no mety ho fiantraikan'izany zavatra niainana izany tamin'ny fahatsapanao momba ny Mpaminany Joseph Smith?
- Inona no azon'io zavatra niainana iray io ampianarina anao momba an' Andriamanitra mandritra ireo fotoan-tsarotra eo amin'ny fiainanao?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_372-1